



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA
FAHA 011/2018 TAMIN'NY 18 MAY 2018
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2018**



**PROJET DE LOI
N°011/2018 DU 18 MAI 2018
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE
POUR 2018**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA
FAHA 011/2018 TAMIN'NY 18 MAY 2018
MOMBA NY LALÀNAN'NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2018**



VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 011/2018 TAMIN'NY 18 MAY 2018 MOMBA NY LALÀNAN'NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2018



FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny politika ara-toekarenan'ny Governemanta dia nanaraka ny fitazomana ny fahamarinan-toeran'ny tontolo ara-faobe sy ny fanomezana hery ny toe-karem-pirenena. Io finiavana io dia nahazo ary mbola mahazo ny fanohanana'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) amin'ny alalan'ny Fandaharan'asa FEC izay hahitana hetsika maromaro ho fanavaozana eo amin'ny lafiny fitantanana ara-bola sy ara-toekarena. Io faharisihana io dia mankany amin'ny fanamafisana tsara ireo fototra entina manatanteraka ny politikam-pampandrosoana.

Fanovana maromaro teny am-pandehanana no nilaina mba hanalefahana ireo fahasahiranana manoloana ireo dona maro samihafa, indrindra ny lafiny fiakaran'ny vidin-javatra, ny fiharatsian'ny fanondranana entana miohatra amin'ny fanafarana entana ary ny fitomboan'ny fatiantoka ara-tetibola.

Ireo fanitsiana teo amin'ny lasitra ara-faobe dia hahafahana manaraka ny tanjon'ny fampandrosoana ny firenena ho an'ny taona 2018, izay tokony hanaraka hatrany ireo tanjona voafaritra ao amin'ny PND sy ireo ezaka iraisam-pirenena ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy.

Ankoatra izany ny fisian'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity dia hanana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanohizana ireo asa fanavaozana. Ny tontolon'ny fihariana tokoa mantsy dia miankina amin'ny tontolo politika madio sy mampandroso ny fampiasam-bola. Ho tazomina noho izany ireo ezaka hampiharana ny fanajana ireo foto-kevitra mahakasika ny fanjakana tsara tantana, ny tany tan-dalàna, ny demokrasia ary ny firaisankinam-pirenena.

Ireo famolavolana ny Tetibola eny anivon'ireo andrim-panjakana sy ireo Ministera noho izany dia hotazomina araka ireo endrika nanehoana azy tao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2018. Hisy Fanampim-bola kosa anefa tokony homanina mba hifehezana ireo fahasahiranana ara-toekarena sy ara-bola. Ireo tetibola entina handoavana ireo karama sy fisotroan-dronono noho izany dia hakarina mba hiantohana ny fandoavana izany hatramin'ny faran'ny taona, toa izany ihany koa, ireo fanampiana ara-bola omena ny orinasa JIRAMA dia hakarina mba hanampiana azy amin'ireo asa fanarenana izay efa eo andalam-panatanterahana.

Ireo sampan-draharaha misahana ireo vola miditra amin'ny Fanjakàna toa ireo Hetra sy ireo Fadipteranana dia tokony hanamafy ireo ezaka ataony hifehezana ny tsy fahampian'ny Tetibola. Ankoatra izay, noho ny fanohanana'ireo PTF sasantsasany, ireo fanampiana ny Tetibola izay antenaina ho azo dia heverina hiakatra mba hahafahana manalefaka ireo vesatra eo amin'ny Tahirim-bolam-panjakàna izay tokony hiantoka ny fitohizan'ny fandoavana ny vola ho an'ireo asa neken'ny Fanjakàna ho tanterahana.

Ny Fanjakàna dia manohy ny fampiharana ireo fepetra ara-tetibola, ara-hetra sy ara-bola izay efa natomboka ka manohana ny fifehezana ireo fiovana lehibe eo amin'ireo tondro ara-toekarena. Ny fanajana ireo fifandanjana lehibe eo amin'ny toekarena dia mikendry, noho izany, ny fanamafisana ireo fototry ny fampandrosoana sy ny fitomboan'ny harikarena faobe iaraha-misalahy sy maharitra. Farany, Ireo fampiasam-bola eo amin'ireo sehatra toy ny fampianarana, fahasalamàna, rano sy ny fidiovana, ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fandriam-pahalemana eny ambanivohitra dia mitoetra hatrany ho laharam-pahamehan'ny Fanjakana mba hamaliana ireo filàna ara-tsosialy eo amin'ny mponina.

I- FIRONANA ANKAPOBENY SY FIVOARAN'NY TOEKARENA

Fitazomana ireo fironana ankapobeny

Ireo fironana ankapobeny mahakasika ny fanatanterahana ny PND dia tsy miova. Araka izany, ireo famolavolana teti-bola ataon'ny Ministera dia tsy hisy fanovana betsaka. Ireo laharam-pahamehan'ny fampandrosoana dia hizotra hatrany mankany amin'ny fanamafisana ny sehatra sosialy, ny fametrahana ireo fotodrafitrasa manana anjara toerana lehibe, ny tosika ho an' ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra sy ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana. Ny finjavana hitazona ny fahamarinan-toeran'ny Toekarena sy ny fampiroboroana ny fivoaran'ny toekarena iaraha-misalahy sy maharitra dia manosika indraindray amin'ny fanitsiana ireo vinavina tany am-boalohany hanaraka ny fivoaran'ny toe-javamisy sy ny tontolon'ny toe-karena sy ara-bola.

Fanitsiana ny fitomboan'ny Harikarena hifanaraka amin'ny ainga eo amin'ny fampiasam-bola

Ny tahatombon'ny toekarena notombanana ho 5.1% ho an'ny taona 2018 dia nampidinina ary ho lasa 5.0%. Io fanitsiana io dia ho entin'ny faharisarisan'ny famoahana ireo vola avy any ivelany. Ho vokatr'izany dia hahitana fidinana teboka 0.4 amin'ny isan-jato ny Seha-pamokarana voalohany. Hita tokoa fa ny tahatombon'ny Sehatra fambolena dia kely kokoa noho izay novinavinaina, izany hoe 4.5% raha toa ka 4.9% no vinavina tany am-boalohany. Ny tahatombon'ny sehatra Fanamboarana trano sy ny tao-zavabaventy ihany koa dia nampidinina, ka 11.5% ho lasa 6.5%.

Mirazotra amin'izany, vokatra tsara miohatra amin'ny novinavinaina no tombanana hisy eo amin'ny sehatra faharoa, izay hahazo teboka 0.7 amin'ny isan-jato eo amin'ny tahatombony, sy eo amin'ireo sehatra raharaha toy ny Varotra izay hahazo teboka 1.5 amin'ny isan-jatony eo amin'ny tahatombony. Ny fiakaranana tena misongadina dia ho hita eo amin'ny orinasa afaka haba, izay tahatombo 14.5% raha 12.5% no novinavinaina tany am-boalohany.

Na izany aza dia ho betsaka ihany ny fitomboan'ny toe-karena, ary ho atosiky ny fampiasam-bolampanjakana, ny firoboroan'ireo orinasa mpanodina akora fototra, ny fiarenan-dohan'ireo asa fambolena ary ny fahazoana aina indray ho an'ireo sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Fitomboan'ireo vesatra mahazo ny fitantanam-bolampanjakana

Sora-bola maromaro no nomanina ho an'ny taona 2018 mba hifehezana ireo faharefoana mifandray amin'ny i) maha zava-dehibe ireo fanavaozana izay tokony atao eo amin'ireo orinasampanjakana, ii) ireo voka-dratsin'ny toetr'andro sy iii) ny mety ho fiovana eo amin'ny fifanakalozana ivelany. Ireo anton-javatra ireo mantsy dia miantraika mafy tokoa amin'ny fahamarinan-toeran'ny toe-karena sy ny fitantanam-bola.

Na dia eo aza ny fanatanterahana ny drafitra famelomana aina indray ny orinasa JIRAMA, ireo fatiantoka betsaka hita izay mbola novesaran'ny hain-tany dia hitondra indray ny fihohan'ny vola lany amin'izay efa voasoratra tany am-boalohany tao amin'ny teti-bola natokana ho an'ny famindram-bola. Taorian'ny fanamarinana ny vinavina teo amin'ny antontam-bola ho an'ny karama dia hita fa ilaina ny fanitsiana mba hampifanojo izany amin'ireo filàna tena voamarina, ka mitarika amin'ny fampiakarana ny fandanianana ho an'ny karama sy ny famatsiana ny CRCM. Ireo singa ireo dia manamafy hatrany ireo tsindry mahazo ireo fidiram-bolampanjakana nefa kosa tokony ho fantatry ny rehetra.

Fanohizana ireo ezaka entina hampihenana ny fiakaran'ny vidim-piainana

Ny fiakaran'ny vidim-piainana ho an'ny taona 2018 dia hahatratra 8.0% raha 7.8% no novinavinaina tany am-boalohany. Io fanitsiana io dia nilaina satria (i) ny fiakaran'ny vidim-piainana ho an'ny faran'ny taona 2017 dia nahatratra 9.0% nanaraka ny fiakaran'ny vidim-bary 20% rehefa natambatra, (ii) ny fiatrehan'i Madagasikara ny rivo-doza AVA tany am-piandohan'ny taona izay nahakasika manokana ny ilany Atsinanana, (iii) ny tsy fifandanjana teo amin'ny antontam-bola tena voaray, sy ny fivezivezen'ny

antontam-bola nihoatra ny tokony ho izy teo amin'ny tsenam-bola ary ny fiakaran'ny vidin'ny solika naharitra.

Na dia teo aza izany, ny fiakaran'ny vidim-piainana any amin'ny faran'ny taona dia antenaina ho 7.7%, izany hoe hidina teboka -0.2 amin'ny isan-jato miohatra amin'ny LF 2018 ary teboka -1.3 amin'ny isan-jato miohatra amin'ny taona 2017. Io fidinana io dia ho atosiky ny fanohizana ny ezaka ataon'ny Governemanta sy ny BFM hampihenana ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana sy ny lafiny toetr'andro izay nampety ny sehatra fambolena nanomboka ny telovolana farany ho an'ny taona 2017 (rotsak'orana izay nahazoan'ny faritra maro tombony teto amin'ny Nosy). Voka-bary tsara no andrasana noho izany ho an'ny taona 2018. Ny vidin'ny vary eo amin'ny tsena iraisam-pirenena sy eto an-toerana dia tokony hihena noho ny fihatsaran'ny vinavina ho an'ny voka-bary any amin'ny faritra Azia. Ny vinavina ho an'ny vidim-piainana ihany koa dia mampiseho fiakaran-bidy somary miadana ho an'ny taona 2018. Ny famokarana solika ivelan'ny fifanarahana iraisam-pirenena izay napetraka tokoa dia tokony hitombo hatrany. Ireo antony ireo no hahatonga ny fiakaran'ny vidim-piainana ho voafehy.

Toe-danjam-pifanakalozana ivelany mijanona amin'ny fahazoana tombony

Ny Toe-danjam-pifanakalozana ivelany ho an'i Madagasikara dia mitoetra ao anaty fahazoana tombony noho ny fihenana ny fatiantoky ny kaonty mahazatra, na dia teo koa aza ny fahasimbana eo amin'ny kaontin'ny fitantanam-bola sy ny renivola. Manampy izany, ny fahazoana ireo ampaham-bola avy amin'ny FEC dia hanatsara koa ny Toe-danjam-pifanakalozana ivelany ho an'ny firenena.

Ny fatiantoky ny toe-danjam-pifanakalozana tsotra dia hihena miohatra amin'ny LFI 2018 ary hitentina 190.8 tapitrisa DTS raha 363.1 tapitrisa DTS no voavinavina tany am-boalohany. Io fihatsarana io dia ho noho ny fiakaran'ny fanondranana entana miohatra amin'ny vinavina tany am-boalohany. Hita tokoa fa raha oharina amin'ny fivoaran'ny fanafarana entana, ny an'ny fanondranana entana afa-tsy ny lavanila sy ny cacao dia hisongadina kokoa, tsy araka ny vinavina. Eo amin'ny toe-danja ara-barotra ho an'ny entana sy raharaha, fatiantoka 504.5 tapitrisa DTS no ho hita raha 629.3 tapitrisa DTS no vinavina. Ny fihatsaran'ny vokatra eo amin'ny famindram-bola tsotra dia hanamarina ihany koa ny fihatsaran'ny toe-danjam-pifanakalozana tsotra. Satria ireo famindram-bola avy amin'ireo fitondram-panjakana avy any ivelany anatin'ireo fanampiana ara-tetibola nomen'ny Banky iraisam-pirenena (62.4 tapitrisa DTS), ny BAD (20 tapitrisa DTS), ny Vondrona Eoropeana (24.2 tapitrisa DTS) sy ny Deutsch Bank (27.5 tapitrisa DTS), ary koa ireo avy amin'ny fahatongan'ireo vola avy any ivelany ho an'ireo fikambanana iraisam-pirenena sy ireo orinasa an'ny vahiny miasa eto, no mampitombo ireo famindram-bola.

Ny kaontin'ny fitantanam-bola sy ny renivola dia hiharatsy miohatra amin'ireo tombatombana tany am-boalohany saingy kosa hahitana tombony ihany miaraka amin'ny hanisisa 220.6 tapitrisa DTS (raha toa ka 419.1 tapitrisa DTS no novinavinaina). Io toe-javatra io dia vokatry ny fihenana 3.4% teo amin'ireo fanomezana ho an'ny tetikasa sy 19.1% teo amin'ireo fisintomana ny vola avy amin'ireo fitondram-panjakana ary ireo fampiasam-bola mivantana avy any ivelany sy avy amin'ireo zara-petra-bola izay nidina 11.7% miohatra amin'ireo novinavinaina. Io fiharatsiana io dia azo hazavaina avy amin'ny fahamailoan'ireo mpampiasa vola manoloana ny toe-javatra izay isehoan'ny endriky ny tontolo ara-politika mialoha ny fifidianana

Raha aravona, ny Toe-danjam-pifanakalozana ivelany dia hampiseho hatrany tombony 29.7 tapitrisa DTS ho an'ny LFR raha oharina amin'ny an'ny LFI izay 56.1 tapitrisa DTS.

Fihenana-tsanda voafetra eo amin'ny Ariary manoloana ireo vola vahiny mahazatra

Mikasika ireo tahan'ny fifanakalozam-bola, ny vinavina ho an'ny taona 2018 dia mampiseho fihenana-tsanda ho an'ny Ariary manoloana ny DTS sy ny Dolara amerikana. Hita tokoa fa rehefa noraisina ny fitomboan'ny fatiantoka teo amin'ny fifanakalozana ara-barotra ivelany sy ireo fampiakarana ny tahampanoharana ho an'ny zanabola ho an'ity taona ity izay nataon'ny Banky federaly amerikana, teo amin'ny

fikajiana izay mety ho sandan'ny Ariary ho an'ny taona 2018, dia hosandaina 4 735 Ariary ny 1 DTS fa tsy 4 527 Ariary, ary ho 3 256 Ariary ny 1 Dolara fa tsy 3 212 Ariary araka ny novinavinaina. Io fihenandanja io dia tokony ho betsaka kokoa, saingy noferan'ireo famoaham-bola eritreretina avy amin'ny FEC sy ireo vinavina tsara mikasika ny vidin'ny lavanila.

Fitantanambolam-panjakana

Miaraka amin'ireo zava-manahirana teo amin'ny tontolon'ny toekarena sy ny ara-tetibola, ary koa ny fijerena ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta, dia ilaina ny fanovàna mba hanatrarana ireo tanjon'ny fampandrosoana efa napetraka. Na izany aza, ireo fanovàna ireo dia tokony hirindra amin'ny tokony hitazomana ny fahamarinan-toeran'ny toe-karena sy ny fampiroboroboana ny fitomboan'ny Harin-karena faobe iaraha-misalahy.

Ireo fandaniana momba ny fisotroan-dronono sy ny karaman'ny mpiasam-panjakàna, ireo famindram-bola sy fanampiana ara-bola no tena ho anton'ny fanitsiana izay atao, indrindra fa ireo izay omena ny orinasa JIRAMA.

Manoloana ireo, famolavolana vaovao no tokony atao, na ho an'ireo vola miditra na ho an'ireo fandaniana. Ireto farany dia ilaina mba hananana sehatra ara-tetibola ampy ho an'ireo asa ataon'ny Fanjakàna.

- Fidirambolam-panjakana hiakatra

Ny Tahatsindrin-ketra (TPF) dia hisy fiakarana teboka 0.1 amin'ny isan-jato ka hanjary 12.0%. Noho io antony io, ireo vola miditra avy amin'ny hetra dia hiabo 1.4%, ka 4 811.4 miliara Ariary hiova ho 4 876.3 miliara Ariary. Io fiakaran-tsanda io dia ho azo avy amin'ny alalan'ireo ezaka entina hamoriana ireo hetra tsy mbola voaefa sy ny fanitarana ny fampidiran-ketra eo anivon'ireo sampan-draharaha izay miandraikitra ny fiadidiana ankapobeny ireo hetra (Hetra sy ny Faditseranana).

Mikasika ny Hetra anatin'ny, dia hiabo 25.0 miliara ariary izany (izany hoe tahatombo 1.0%) ary hahatratra 2 580.0 miliara Ariary. Anilan'izany, ny Faditseranana izay hiampy eo hatramin'ny 40.0 miliara Ariary (izany hoe tahatombo 1.5%) ka hampiova ny tontalin'ny faditseranana ho 2 296.3 miliara Ariary dia vinavinaina ihany koa mba entina hamatsiana ireo fandaniana vaovao voatsikaritra. Raha atambatra dia vola mitentina 5 102.1 miliara Ariary no hovoriana ho an'ny taona 2018 ka 225.8 miliara Ariary amin'izany dia famerenana ireo TVA voaangona.

Ny vola miditra tsy avy amin'ny Hetra dia hitoetra ho 90.1 miliara Ariary ihany.

- Fanitsiana maivana eo amin'ny lafiny fandaniambolam-panjakana

Mahakasika ireo fanovana eritreretina ao anatin'ny Lalàna fanitsiana ny Fitantanam-bolam-panjakana, ny Governemanta dia mitazona ny finiavany hifehy ireo fandaniana, amin'ny alalan'ireo politika mitombina sy mahomby entina hanamafisana izany. Ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta dia tsy hiova na dia eo aza izany, toy ny tohana ho an'ny sehatra sosialy, ny fampitomboana ireo foto-drafitr'asa, ny fanampiana ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra sy ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana.

Ireo fitodiky ny Tetibola dia atao mirindra amin'ireo fanekena nataon'i Madagasikara tao anatin'ny fandaharan'asa FEC. Fampitomboana ireo teti-bola no andrasana, izay tsy ho an'ny orinasa JIRAMA irey ihany eo amin'ny lafiny famindram-bola, fa ho an'ireo Karama sy fisotroan-dronono ihany koa. Satria tokoa, fanampiana ara-bola fanampiny mitentina 100 miliara ariary no omena io orinasa io, ny fandaniana momba ny karama dia hampitomboina 76.3 miliara Ariary, ary ny fisotroan-dronona dia hiabo 33 miliara Ariary.

Ankoatra izany, fihenana kely teboka 0.3 amin'ny isan-jaton'ny HAF eo amin'ny fandaniahana no vinavinaina, noho ny fihenana be eo amin'ny fampiasam-bolam-panjakàna vatsian'ny vola avy any ivelany izay 15.8%.

Ny tahan'ny fandaniahana miohatra amin'ny HAF araka izany dia tomanana ho 17.7% (raha 18.0% no novinaina tao amin'ny LFI) izay fiovana 7 307.9 miliara Ariary mankany amin'ny 7 149.0 miliara Ariary.

- *Fihenana'ny fatiantoky ny tetibola*

Ny fampiorehana tsara ny Tetibola dia hizotra amin'ny fidinana teboka 0.2 amin'ny isan-jato eo amin'ny Fatiantoka, izay hihatsara araka izany ka hanjary -3.3% raha -3.5% no novinaina tao amin'ny LFI 2018. Ny fahatomombanan'ny tetibola noho izany dia tsy hisian'ny mety ho tsy fahampiana eo amin'ny famatsiam-bola.

II- SORIDALAN'NY TETIBOLA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2018

A- VOLA MIDITRA

1- HETRA

Ireo fepetra mikasika ny hetra anatin'ny dia miompana kokoa amin'ny fanitsiana ireo fahadisoana ara-materialy izay hita tamin'ireo fepetra teo aloha, indrindra indrindra ny momba ny Lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana amin'ny taona 2018. Na izany aza, nampidirina ireo fepetra ara-ketra ho famporisihana ny fampiroboroboana ny fampiasam-bola sy ny toe-karena amin'ny ankapobe.

Araka izany, ireo fanitsiana ankapobe mikasika ny fepetra ara-ketra aroso ao anatin'ity lalàna mifehy ny fitantanabolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2018 ity dia miompana amin'ireto teboka manaraka ireto:

- fanafoanana ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ny varimbazaha fanao masomboly;
- fanovàna ny sandan'ny Haba amin'ny dokam-barotra (fidiram-bolan'ny Vondrom-bahoakam-paritra);
- fanadiovana sy fanitsiana ireo fahadisoana ara-materialy.

2- FADINTSERANANA

Ny vola hiditra amin'ny fadintseranana dia hisy fiakarana 2% raha oharina amin'ny vinavina natao ho amin'ny taona 2018, raha toa ka 2 287.1 lavitrisa Ariary izany dia hiakatra ho 2 327.1 lavitrisa Ariary. Ankoatra ny fisondrotan'ny sandan'ireo fanafarana entana iharan'ny hetra dia hisy ihany koa ireo fepetra arapi-tondrana ho raisina tahaky ny (i) fanohizana ny fampihenana ny fampiasana taratasy sy fanaparahana ny "World" ao amin'ny "SYDONIA; (ii) fanamafisana ny fanaraha-maso ireo lazam-bidy eny amin'ny fadintseranana; (iii) fanamafisana ny fahombiazan'ny fampidiram-bola. Amin'ny lafiny fifampizarana ny hetra tovana (TVA) avy amin'ny fanafarana entana dia hiakatra ho 1 174.8 lavitrisa ariary raha toa ka 1 149.4 lavitrisa ariary teo aloha, ary ny habantseranana kosa dia ho lasa ho 543.7 lavitrisa ariary raha toa ka 531.3 lavitrisa ariary teo aloha. Ho an'ny hetra azo avy amin'ny solika, ny fisondrotana dia ferana ho 2.1 lavitrisa ariary mihoatra amin'ny vinavina teo aloha noho ny sondrobidin'ny vokatra eo amin'ny tsena etsy andaniny, sy ny fihenana'ny fanafarana indrindra ny gazoala etsy ankilany.

B- FANDANIANA

➤ TONTOLON'NY FANDANIANA

Ireo sehatra sosiahy dia mitoetra hatrany ho sehatra tena ifantohan'ny Governemanta. Ireo mponina tena marefo no kendren' ireo politika mifanentana amin'izany, arakaraky ny zava-misy ara-toekarena sy mifanaraka amin'ny vola eo an-tanana. Mira zotra amin'izany, ny fametrahana ireo fotodrafitr'asa dia hotohizana mba ho fanamafisana sy fanampiana ny tontolon'ny famokarana.

Fafana fandravonana ireo sorabola

	2017 Zava-bita (vonjy maika)	2018		Fiovana (LFR 2018 /LFI 2018)
		LFI	LFR	
ZANA-BOLA	285.5	391.6	378.1	-3.4%
KARAMA	1806.8	2088	2164.3	3.7%
FAMPANDEHANAN- DRAHARAH	1909.1	1486.2	1636.0	10.1%
- Tambin-karama	160.2	186	186.0	0.0%
- Entana & Raharaha	282.2	379.2	379.2	0.0%
- Famindram-bola sy Fanampiana ara-bola	1466.7	921	1071.0	16.3%
HANAPAMOKARANA	1952.9	3286.3	2945.5	-10.4%
- Famatsiam-bola avy ato anatin'ny	700.1	967.4	993.5	2.7%
- Famatsiam-bola avy any ivelany	1252.8	2318.9	1952.0	-15.8%
TOTALINY	5954.3	7252.1	7124.1	-1.8%

Ny totalin'ny Tetibola dia hampidinina eo amin'ny 1.8%. Ny fidinana 15.8%, izay azo lazaina ihany koa hoe fidinana 366.9 miliara ariary eo amin'ireo FFBP vatsian'ny vola avy any ivelany no tena anton'izany. Na izany aza dia hisy fiakarana 10.1% ireo Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha. Ireo Tetibola ho fandoavana ny zana-bola avy amin'ny trosa dia hihena 3.4% ihany koa ka ilay 391.6 miliara Ariary noho izany dia ho lasa 378.1 miliara Ariary.

➤ FANDANIANA HO AN'NY MPIASAM-PANJAKANA

Ny fiakaran'ny fandanina ara-karama ho 76,3 lavitrisa ariary ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana taona 2018 dia voamarina amin'ireto manaraka ireto:

- Fiakarana 8% ny karaman'ny mpiasam-panjakana rehetra manomboka ny volana May 2018;
- Fampifanarahana ny fandoavana ireo fison-drotana girady;
- Sorabola fanampiny ho an'ny mpiasa ivelany.

➤ FANDANIANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAH

Tsy hisy fiovana eo amin'ny fandaniana ho an'ny Entana sy Raharaha, na izany aza, ireo Famindram-bola sy Fanampiana ara-bola dia hiakatra tokoa eo amin'ny 16.3%. Io fiovana io dia ho noho ny vola fanampiny 100.0 miliara Ariary omena ny JIRAMA, izay lasa ho 309 miliara Ariary raha 209 miliara Ariary no noheverina tany am-boalohan'ny taona. Ny tanjona amin'izany dia ny hampitombo ny hery enti-manohitra ny fiakaram-bidy eo amin'ny akora ampiasain'ny JIRAMA, ary indrindra ho fanalefahana ny vidin'ny Herin'aratra, amin'ny endriny somary ankolaka.

➤ **FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA**

Fihenana 10.4% no andrasana eo amin'ny Fampiasam-bolam-panjakana, izay 3 286.3 milara Ariary hanjary ho 2 945.5 miliara Ariary. Io fihenana io dia vokatra ny fiibana 15.8%-n'ireo famatsiam-bola avy any ivelany na dia hitombo 26.1 miliara Ariary aza ireo famatsiam-bola avy ato anatin'ny miohatra amin'ny voalaza tao amin'ny LF2018.

Fafana fampitahana FFBP isaky ny Zotran'ny PND LFI – LFR 2018

Zotra	Anaran'ny zotra	LFI			LFR		
		ivelany	anatin'ny	fitambarany	ivelany	anatin'ny	fitambarany
Zotra 1	<i>Fitantanana, tany tan-dalàna, filaminana, fitsinjaram-pahefàna, demokrasia, firaisankinam-pirenena</i>	2.4%	6.3%	8.7%	2.7%	7.6%	10.3%
Zotra 2	<i>Fitandrovana ny fahamarinan-toetry ny harifaobe ary tosika ho amin'ny fampandrosoana</i>	2.9%	4.1%	6.9%	3.2%	4.8%	8.0%
Zotra 3	<i>Fitomboan'ny harikarena iaraha-misalahy sy fampioenam-paka ifotony ny fampandrosoana</i>	51.8%	9.3%	61.1%	44.3%	10.3%	54.6%
Zotra 4	<i>Fotokarena maha-olona mifandraika amin'ny zotram-panatanterahana ny fampandrosoana</i>	11.8%	9.0%	20.8%	13.9%	10.1%	24.1%
Zotra 5	<i>Fanomezan-danja ny fotokarena voajanahary sy fanamafisana ny fahafaha-miatrika ireo tandindonin-doza voajanahary</i>	1.7%	0.8%	2.4%	2.2%	0.9%	3.0%
	FITAMBARANY	70.6%	29.4%	100.0%	66.3%	33.7%	100.0%

Ireo laharam-pahamehana voalaza tao amin'ny LFI 2018 dia ho voatazona hatrany ato amin'ity LFR ity, toy ny ZOTRA 3 « **Fitomboan'ny harikarena iaraha-misalahy sy fampioenam-paka ifotony ny fampandrosoana** » sy ZOTRA 4 « **Fotokarena maha-olona mifandraika amin'ny zotram-panatanterahana ny fampandrosoana** ». Ireo zotra roa ireo (zotra 3 sy 4) dia hahazo ny 78.1%-n'ny FFBP miaraka amin'ny sora-bola 1 608.8 miliara Ariary sy 708.5 miliara Ariary. Tao amin'ny LFI dia nahazo 81.9. % izy ireo. Na eo aza izany, tsara ny manamarika fa ny Zotra 3 dia hihena 19.9% raha toa ka fiakarana 3.6% no andrasana ho an'ny Zotra 4. Ny sora-bola aompana ho an'ny Zotra 2 dia tsy hiova raha toa ny Zotra 1 « **Fitantanana, tany tan-dalàna, filaminana, fitsinjaram-pahefàna, demokrasia, firaisankinam-pirenena** » sy Zotra 5 « **Fanomezan-danja ny fotokarena voajanahary sy fanamafisana ny fahafaha-miatrika ireo tandindonin-doza voajanahary** » dia hiakatra 5.6% sy 11.3%. Amin'ny ankapobeny, ny fihenana'ny FFBP dia nentin'ny fidinan'ny Zotra 3 indrindra indrindra.

Fafana fampitahana FFBP isaky ny sehatra LFI – LFR 2018

SEHATRA	LFI			LFR		
	ivelany	anatin'ny	fitambarany	ivelany	anatin'ny	fitambarany
FAMOKARANA	14.4%	3.4%	17.8%	13.8%	3.8%	17.6%
FOTODRAFITR'ASA	40.2%	7.6%	47.8%	33.6%	8.5%	42.1%
SOSIALY	9.7%	7.5%	17.2%	11.8%	8.4%	20.2%
RAHARAHAM-PANJAKANA	6.2%	10.9%	17.2%	7.0%	13.0%	20.0%
FITAMBARANY	70.6%	29.4%	100.0%	66.3%	33.7%	100.0%

Sehatra sosialy

Mba hanamafisana hatrany ny politika ara-tsosialy sahanin'ny Fanjakana, indrindra fa ao anatin'ny tontolo isehoan'ny faharefoan'ny mponina kely fidiram-bola, dia fiakarana 2.8%, miohatra amin'ny LFI 2018, ho an'ny sehatra sosialy no vinavinaina.

Na dia mahazo ny 20.2%-n'ny tetibola ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana aza io sehatra io, ireo fandania ara-tsosialy dia ho voatazona hatrany eo amin'ny 1,1%-n'ny HAF mba hisahanana ireo lafiny sosialy tena tsy azo tsinontsinoavina. Araka izany, ny sehatry ny fampianarana (PSE) sy ny Fahasalamana (PDSS) dia hahazo ny 14,4%-n'ny fandania ho an'ny fampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bolam-panjakana mitambatra ary ny 3,8%-n'ny tetibola ankapobeny. Sehatra maro no ho voakasik'izany toy ny fiarovana ny zaza, ny fiarovana ny fanjarian-tsakafo, ny zon'olombelona.

Ireo tanjona eo amin'ny sehatra sosialy araka izany dia tsy hisy hiova raha oharina amin'ireo noeritretina tao anatin'ny LFI, toy ny fampirindrana ireo rafitra ara-pahasalamana sy ny fanaovana ho vaindohan-draharaha ny fanatsarana ny rafi-panabeazana ary ny fampiroboroboana ny fampianarana ambony mba hamaliana ny filàna eo amin'ny tsenan'ny asa.

Sehatra raharaham-panjakana

Ny sehatra raharaham-panjakana dia mampiseho ny fanohanana ny Fanjakana ny fanamorana ny fampiroboroboana ara-toekarena sy sosialy eto amin'ny firenena. Ny ampaham-bola izay omena io sehatra io ao anatin'ny fandania ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana dia hiakatra teboka 2.8 raha oharina amin'ny LFI 2018, na ny 20.0%-n'izy rehetra. Io fironana io dia mikendry ny hametraka bebe kokoa ny tany tan-dalàna, ny fanjakana tsara tantana, ny fanajana ny Demokrasia, ny Fitsarana tsy mitanila eo amin'ireo seha-panjakana rehetra misy eto Madagasikara. Ankoatra izay, ireo hery sy finiavana ananan'ireo vondrom-bahoaka eny ifotony dia hahazo tohana hatrany amin'ny alalan'ireo hetsika ho an'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampandrosoana eny ifotony ireo kaomina.

Ireo ady amin'ny kolikoly sy ny fahalovana dia hahazo hatrany ny tohana tsy misy fepetra avy amin'ny Fanjakana sy ireo Mpiara-miombona antoka. Ny fametrahana ireo tendro miady amin'ny kolikoly sy ny fanamafisana ireo rafitra mifandray amin'izany (BIANCO, SAMIFIN et CDBF) dia mitohy araka izany ho an'ny taona 2018, toy ny fametrahana ireo tendro roa (02) miady amin'ny kolikoly any Mahajanga sy Fianarantsoa izay efa ho tontosa, toa izany koa ny Fitsarana manokana miady amin'ny fanondranana Andramena sy Hazomainty.

Ny fiarovana ny olona sy ireo fananany dia hamafisina hatrany amin'ny alalan'ny fametrahana paik'ady vaovao izay misy fifandraisana manokana amin'ny ady atao amin'ny halatr'omby, ireo fivarotana harem-pirenena sy entana tsy ara-dalàna eny an-dranomasina sy eny amin'ireo sisin-dranomasina. Ny Ministeran'ny fiarovana, ny filaminana anatin'ny ary ny Zandarmariam-pirenena dia hanana andraikitra goavana eo amin'ny fametrahana io paik'ady vaovao io. Ny fiakarana 65,7 miliara Ariary ho an'ny tetibolan'izy ireo mitambatra araka izany dia ho tazomina ihany.

Sehatra famokarana

Ny Fambolena, fiompiana ary jono no sehatra iankinan'ny ny tontolon'ny famokarana eto Madagasikara. Ho an'ny taona 2018, ao anatin'ny LFR, ny sora-bola atokana ho an'io sehatra io dia hahatratra ny ampahany 17.6%-n'ny FFBP rehetra. Miohatra amin'ny LF2018 dia nihena teboka 0.2 io ampahany io, indrindra noho ny fihemorana'ny fotoana hamoahana ireo famatsiam-bola avy any ivelany.

Ireo finiavana hampandrosoana ny sehatra fambolena noho izany dia ampiharina mba hanomezana tombon-dahiny ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Ho tanterahana izany amin'ny alalan'ny fanarenana/fanamboarana ireo fotodrafitr'asa fanondrahana ny voly, ny fizarana zezika sy masomboly, ny

fanaovana ireo asa HIMO. Ny fomba noraisina tamin'izany dia ny fitodihana manokana amin' ireo sampan'asa izay hahazoana tombony sy ireo asa fanodinana ny voka-pambolena sy ny famarotana ireo vokatra voaodina eny ifotony.

Mahakasika ny fiompiana sy ny jono, ireo hetsika dia hitodika amin'ny ady atao amin'ny i) halatr'omby sy ireo aretina mpahazo ny biby fiompy, ii) ny fampiroboroboana ny sampan'asa fiompiana ireo ondry aman'osy sy kisoa, akoho amam-borona, iii) ny fiompiana akoho madinika, iv) ary ny fampiroboroboana maharitra ny jono an-dranomasina sy ireo jono hafa. Ireo fampiasam-bola vaventy mifandray amin'ny fitrandrahana ala, amin'ny ny fiarovana ireo harena an-dranomasina sy ny fanatsaràna ny fidiram-bolan'ireo vondron'ny mpanjono izay marefo ara-pivelomana, ary ireo izay mifandray amin'ny indostria mpanodina voka-pambolena dia hitana anjara toerana lehibe

Ny sehatra fizahan-tany dia tsy ho adinoina satria andrasana ny fahatongavan'ny mpizaha tany 500.000 izay hitondra vola vahiny mitentina 1.4 miliara Dolara eo ho eo. Ho an'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, dia asa fitrandrahana madinika 1200 no hiforona ka tsy ho adinoina amin'izany ny fampitomboana ny sandan'ireo vatsoa sy vato sarobidy.

Sehatra fotodrafitr'asa

Ny vina ho amin'ny Fampandrosoana iaraha-misalahy sy lovain-jafy dia mitaky fitomboan'ny Harikarena izay mampiroborobo ireo fotodrafitr'asa eto amin'ny firenena iray manontolo. Isan-taona dia tsy ampy ireo loharanom-bola avy ato anatin'ny mba hiantohana ny fanatanterahana ireo fotodrafitr'asa goavana, ka tsy maintsy hitadiavana famatsiam-bola avy any ivelany. Manampy izany, ny fanelingelenana ara-toetr'andro izay mpahazo matetika ny firenena no mahatonga hatrany ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny asa fanarenana mihoatra amin'ny fanitarana ireo fotodrafitr'asa. Ireo toe-javatra ireo dia mampihena ny fitomboan'ny harikarena. Na eo aza izany, ny Governemanta dia mametraka hatrany ho laharam-pahamehana sy araka izay fahafaha-manaony ireo sora-bola ho an'ny fanabeazam-boho ireo fotodrafitr'asam-pampandrosoana.

Ato amin'ny LFR, ny sora-bola FFBP aompana amin'ity sehatra ity dia hahatratra ny ampahany 42.1% raha 47.8% ny tao amin'ny LFI. Io fihenana teboka 5.7 io amin'ny ankapobeny dia hazavain'ny fihenana eo amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Na dia nisy aza izany, ny Fanjakana dia hanohy hatrany ireo hetsika ho fanamafisana ireo tambazotram-pifamoivoizana sy ireo lalamby amin'ny alalan'ireo fanamboarana sy fanarenana ireo lalana ary ny famerenana amin'ny laoniny ny lalamby mirefy 80km mampifandray ny tambazotra Avaratra sy Atsimo, ny fanitarana ireo seranantsambo, seranam-piaramanidina, ny fampanaraham-penitra ireo seranam-piaramanidina madinika toy ny any Maroantsetra, Mananara, Antalaha, Maintirano sy Ampanihy, ny fampiroboroboana ny sehatra angovo, ny famatsiana rano fisotro madio sy ny fidiovana, ny fampiroboroboana ireo NTIC.

Ho an'ny taona 2018, ny fanalana amin'ny fitokana-monina ireo faritra manana hery ara-toekarena azo trandrahana dia ho tohizana amin'ny alalan'ireo fanarenana/fanamboarana ireo lalam-pirenena sy ireo tetezana, toy ny RN 5, RN13-RN6-RNT12A-RN5A, RN 31, RN 32, RN 33, RN 34, RN44, RN 9, RN 6, RN 43, RNT 23. Ankoatra ireo lalam-pirenena, ny fanamorana ireo fivezivezena an-drenivohitra dia mitoetra ho vaindohan-draharahan'ny Fanjakana. Hisy ihany koa fanamboarana toby fiantsonana vaovao ankoatra ireo efa tontosa nandritra ny enim-bolana voalohany.

Ankoatra izany, ireo fotodrafitr'asa hafa, toy ny seranam-piaramanidina sy seranan-tsambo, ny fanajariana ny tany, ireo fotodrafitr'asa famantarana ny toetr'andro, ireo fotodrafitr'asa fitaterana ireo angovo, ary ireo fotodrafitr'asa ho an'ny fitaterana an-drenirano dia hisitraka ny fanohanana'ny Fanjakana. Hita tokoa fa hitohy ireo tetik'asa fanitarana. Azo tanisaina amin'izany ireo tetik'asa any amin'ny seranan-tsambon'ny Toamasina sy ny seranam-piaramanidina Ivato, mitovy amin'ny fanarenana ireo fotodrafitr'asa fitaterana an-drenirano eny amin'ny reniranon'ny Pangalana, ireo seranan-tsambo madinika, sy ny fametrahana ireo tetik'ady fanajariana sy fampandrosoana ireo tanan-dehibe.

Ny fanajariana ireo toha-drano famokarana herin'aratra sy ny fisandrahan'ny fampiasana ireo angovo azo havaozina dia hitarina manerana an'i Madagasikara. Tahaka izay ihany, hamafisina ireo hetsika ho fanarenana ireo fotodrafitr'asam-panadiovana izay hahafahana mampitombo ny tahan'ny fahazoana rano fisotro madio, na eny an-tanan-dehibe izany na eny ambanivohitra. Eo amin'ny lafiny fifandraisan-davitra dia fitaratra ara-nomerika no apetraka eny ambanivohitra izay hahafahan'ireo vondrom-bahoaka hisitraka ireo fotodrafitr'asa sy fitaovana ara-informatika hahafahana mampiasa ireo tambazotram-pifandraisan-davitra.

C- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Hitombo 4,5% ny fandoavana ny trosam-panjakana ato amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2018 raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2018 voalohany. Mitentina 361,0 lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina voarakitra ato amin'ny lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2018 ka 236,3 lavitrisa Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 124,7 lavitrisa Ariary kosa ny zanabola.

TROSA ANATINY

Ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2018 dia mihena ary tomanana ho 253,4 miliara Ariary, noho ny fidinan'ny tahan'ny zana-bola nandritra ny telovolana voalohany. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 9,5%.

D- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAMPANJAKANA

Ao amin'ity volavolandalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana 2018 dia hitohy hatrany ny ezaka ataon'ny fanjakana amin'ny fifandanjan'ny vola miditra sy ny vola mivoaka amin'ny tahiry fandoavana ny fisotroandronono.

E- VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vina amin'ny vola ateraky ny fanomezana avy any ivelany dia tsy nahitana fiovana.

F- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA

Ny famatsiana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 748,9 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 2 442,9 miliara ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 305,9 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2018.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia afaka manao avansy amin'ny Banky Foibe araka ny fetra voalaza ao amin'ny fitsipiky ny Banky Foibe an'i Madagasikara.

Mikasika ny famatsiana avy any ivelany kosa dia hitentina 1 096,0 miliara ny fitrosana hamatsiana tetik'asa, ary 152,6 miliara ny fanampiana avy amin'ireo mpamatsy vola.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

Ny Minisitry ny Fitantanambola sy ny Tetibola

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA
FAHA 011/2018 TAMIN'NY 18 MAY 2018
MOMBA NY LALÀNAN'NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2018**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 011/2018
TAMIN'NY 18 MAY 2018 MOMBA NY LALÀNAN'NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA
HO AMIN'NY TAONA 2018**



I – FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2018.

ANDININY FAHA-2

Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao:

**BOKY I
HETRAM-PANJAKANA**

**FIZARANA I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY**

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA**

**TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA**

**SOKAJY I
OLONA IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.02.02

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'ny I amin'ity andininy ity:

“ 1 – Iharan’ny hetra tambatra ny olon-tsotra na fikambanana sy ireo orinasan’olon-tokana manao raharaha tsy miankina raha ny vola maty isan-taona, vola miditra tsy afa-karatsaka na ny vola noraisina ka latsaky ny 100 000 000 Ariary, indrindra indrindra : ”

LOHATENY III

HETRA ALAINA AMIN’NY KARAMA SY NY MITOVY AMINY (IRSA)

Andininy 01.03.09

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny 2° amin’ity andininy ity:

“2° Ny fitazonana nataon’ny mpampiasa amin’ny latsakemboky ny mpiasa ho an’ny vondrom-pahasalaman’ny orinasa na ny vondrom-piantohana ara-pahasalamana izay ferana ho hatramin’ny 1 isan-jaton’ny karama tsy afa-karatsaka ;”

LOHATENY IV

HETRA ALAINA AMIN’NY VOLA MIDITRA AVY AMIN’NY FANANANA MITERA-BOLA

TOKO I

SEHATRA FAMPIHARANA

FOTO-KEVITRA

Andininy 01.04.01

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Iharan’ny hetra alaina amin’ny vola miditra avy amin’ny fananana mitera-bola, ho an’ny Kitapom-bolam-panjakana, ny fikambanana, ny sosaiety ivondronan’ny olona sy ny sosaiety isiana fandraisan’anjara ary koa ny olon-tsotra.”

FIZARANA VI

HABA AMIN’NY TATAOM-BIDY (TVA)

LOHATENY VOALOHANY

HABA AMIN’NY TATAOM-BIDY (TVA)

TOKO II

SEHATRA FAMPIHARANA

SOKAJY III

VOKATRA SY RAHARaha TSY VOAN’NY HABA

Andininy 06.01.06

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny 13° amin’ity andininy ity:

“13° Ny fanafarana sy fivarotana ireo zavatra ilaina manokana ho an’ny fambolena;

Ny fanafarana sy fivarotana voan’ovy atao masomboly vaovao na nampangatsiahina, ny masomboly katsaka sy varimbazaha;”

TOVANA
TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

Amin'ity tovàna ity, ovàna toy izao ny lisitry ny vokatry tsy voan'ny haba araka ny andininy 06.01.06 – 13° :

Article 06.01.06: 13°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
01.05	Coqs, poules, canards, oies, dindons, dindes et pintades, vivants, des espèces domestiques - D'un poids n'excédant pas 185 g
01.05.11 90	- - - Autres
04.07.00	Œufs d'oiseaux, en coquilles, frais, conservés ou cuits - Œufs fertilisés destinés à l'incubation
04.07.11.00	- - De volailles de l'espèce Gallus domesticus
05.11.10.00	- Spermies de taureaux
05.11.91.10	Œufs et laitances de poissons ou de crustacés non comestibles, vivants et fécondés destinés à la reproduction (alevins)
06.02.10.19	- - - Autres boutures non racinées et greffons
07 01	Pommes de terre, à l'état frais ou réfrigéré - De semence
10.00	
10.01	Froment (blé) et méteil.
	- Froment (blé) dur :
11.00	- - De semence
10.05	Maïs
10.00	-De semence
12.09	Graines, fruits et spores à ensemercer
23.01	Farines, poudres et agglomérés sous forme de pellets, de viandes, d'abats, de poissons ou de crustacés, de mollusques ou d'autres invertébrés aquatiques impropres à l'alimentation humaine; cretons
23.02	Sons, remoulages et autres résidus, mêmes agglomérés sous forme de pellets, du criblage, de la moulure ou d'autres traitements des céréales ou des légumineuses.
23.04.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile de soja
23.05.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile d'arachide
23.06	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de graisses ou huiles végétales, autres que ceux des n°s 23.04 ou 23.05.
23.09.90.00	- Autres
